

# TORITENY - Alahady 17 Janoary TSOTRA FAHA 2 - TAONA D



*"Tsy manan-divay izy ireo".....*

*Ataovy izay rehetra holazainy aminareo" (Jn 2, 3,5).*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo dia nankalazantsika ny batemin'ny Tompo ary nandinihintsika ihany koa amin'izao taona masina izao ny dikan'ny batemy.

Napetrantsika ny fanontaniana hoe: nataonao inona ny bateminao? fa indrindra amin'izao taona masina ny famindrampo izao. Ka manomboka izao ary ny Alahady tsotra mandava-taona hamakivakantsika an'ity taona masina ity ka handalinantsika bebe kokoa an'izay famindrampon'Andriamanitra izay, Andriamanitra mitoetra eto amintsika Emanoela no anarany, Andriamanitra tsy lavitra ny Andriamanintsika no sady famindrampo ary i Kristy no endrik'izany. Izay indrindra ary ry Kristianina havana no atolotr'ireo vakiteny amin'izao Alahady izao.

Ny zavatra kasain'Andriamanitra dia tokana :  
nyahasambatra antsika ary izay no antony  
nahatongavany eto anivotsika sady manaporofa fa  
maimaim-poana ny fitiavan'Andriamanitra ka  
anjarantsika no manokatra ny fontsika handray an'izay  
fanomezana maimaim-poana izay. Maro samy hafa hoy  
Masindahy Paoly ny fanomezan'Andriamanitra fa

**Vakiteny I :** Iz. 62, 1-5  
**Tononkira :** Sal. 95, 1-2a. 2b-3.  
**Vakiteny II :** 1 Kôr. 12, 4-11  
**Evanjely :** Jo. 2, 1-12

anjarantsika kosa no mahay mandray azy. Izay no dikan'ny fankalazana manetriketrika ny famindrampon'Andriamanitra izao mba ho tsapantsika tsirairay, ho tsapantsika olombelona izay hasarobidin'ny famindrampon'Andriamanitra omeny antsika maimaim-poana, omeny tsy misy takalo fa anjarantsika no mampamokatra azy eo amin'ny fiaianantsika.

Mampamokatra azy isika voalohany indrindra raha mahay manokatra ny fontsika ary manova an'izay fontsika izay Andriamanitra. Ilay fo vato feno haratsiana matetika dia hovany ho fo nofo mitepo fitiavana ka amin'izay hihavao ny fianantsika, ny fifandraisantsika aminy ary indrindra hihavao ny fifandraisantsika olombelona ka ireny hery setra manjaka ao amintsika vokatrin'ilay fo vato dia hanjary fo feno fitiavana ka hanjary hafaliana sy fiadanana ary na dia ny fifandraisantsika koa aza amin'ny zava-boaahary izay matetika potehintsika, anjakazakantsika dia ho kolokolointsika sy ho karakaraantsika mba hamelombelona ao amintsika ao ilay fanantenana ka hitondra atsika amin'ny fiainam-baovao. Izay no ampatsiahivin'ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany, lazainy fa izao ny fotoana hikarakarain'Andriamanitra atsika, izy no mpampakatra ary isika no ampakarina. Ampakarina amin'ny toerana avo dia avo isika dia ho feno hafaliana ary voalaza koa fa tsy hangina aho hoy Andriamanitra raha tsy tanteraka izany. Ry Kristianina havana, Andriamanitra vonona hikarakara antsika izy ka vonona hampiposaka amintsika ny tena fahamarinana ka hahafahantsika hizotra amin'ny tena lèlana sy fahamarinana. Tsy hevitra ny fahamarinana fa Andriamanitra miara-monina amintsika, "Izaho no lèlana sy fahamarinana" hoy Jesoa ka amin'izao taona masina izao aoka isika handray an'izay fahamarinana izay ka hanalavitra ireny fitapitaka, lainga, vandivandy ireny fa handray an'Andriamanitra. Tsy irery isika amin'izany, ary izay ny asongadin'ny vakiteny faharoa. Izay koa ny fampianarana tiako hasongadina, tsy irery isika amin'izao famakivakiana ny taona masina izao fa miara-dàlana amintsika ilay renintsika dia tsy iza fa i MARIA ary mahafantatra an'izay manahirana atsika, izay asalohantsika izy ka mangataka amin'i Jesoa zanany. Fa ny tadiaviny araka ny teny nataony tamin'ireo mpianatra ao amin'ny Evanjely : "Ataovy izay rehetra lazainy aminareo". Izay ny hafatr'i Masina Maria amintsika amin'izao taona masina izao : ataovy izay rehetra lazain'i Jesoa amintsika. Aoka ary ny masom-pinoantsika hisokatra, aoka ny sofim-pinoantsika hisokatra, aoka ny vavam-pinoantsika hisokatra, aoka ny tènam-pinoantsika hisokatra, aoka ny tongom-pinoantsika hisokatra ka handray ny hafatr'i Jesoa ka hanatanteraka azy tahaka ny natanterahan'ireo mpianatra tamin'ny fanasàna tany Kanà. Manasa antsika Andriamanitra, mitady hasambarana ho antsika isika ary tandindon'izany fanasan'Andriamanitra izany ilay fanasàna sy fakamparam-bady tany Kanà vao norenesintsika teo. Ka na tojo fahoriane, fijaliana na sedra aza isika amin'ny famakivakantsika an'ity fiainantsika ity dia miara-dàlana amintsika i Masina Maria ary izy nilaza amintsika : "ataovy izay rehetra lazainy aminareo"

### Inona ary no lazainy ataontsika ?

**Tsy inona fa ny mamenno ireo siny enina, io ny sinin'ny fiainantsika.**

### Fenointsika ny siny voalohany ny FAHAFOIZANA

Ny fahaizantsika mahafoy : Raha mahafoy isika dia ho fenoin'Andriamanitra, hovan'Andriamanitra ilay fahafoizana ho fenoiny hasambarana ny fontsika.

**Ny siny faharoa ny FAHASAHIANA:** Milaza amintsika koa i Masina Maria fenoy ny sinin'ny fahasahiana hijoroantsika ho vavolombelona hahafahantsika miroso lalindalina tokoa

amin'izay maha-kristianina atsika na dia eo aza ireo fanenjehana isankarazany. Fenoy fahasahiana ity taona masina ity dia hiova ilay rano tsy misy vidiny, ireny fiainantsika tsizarizary ireny dia manjary fenoin'Andriamanitra hafaliana, dia fenoin'Andriamanitra zavatra sarobidy dia tsy inona fa ny maha-zanak'Andriamanitra atsika ka ho martyre ho vavolombelona tokoa isika.

**Ny siny fahatelo ny FANETREN-TENA :** Fenoy ny fanentren-tena, aza mipoerapoera, aza mirehareha fa sao dia lavo anaty fakam-panahy fa ny fanetrentena no entintsika sy anehoantsika an'izay famindrampon'Andriamanitra izay ary dia amin'izay ho fenoin'Andriamanitra fahasoavana ilay fanomezam-pahasoavana ambaran'i Masindahy Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, taratasy ho an'ny Kristianina tao Korinty, amin'izay hifanasoa isika ary hifanatsara ka hitady mandrakariva ny soa iombonana dia ho lasa ireny fitapitaka sy vandivandy ireny, izay ny siny fahatelo ho fenointsika.

**Ny siny faha-efatra ny FITIAVAM-BAVAKA:** Ho fenointsika dia ny fitiavam-bavaka ary izay no ampianarin'i Masina Maria atsika, ary indrindra amin'izao taona masina izao izay lazaintsika fa ny fianakaviana tsirairay ho fianakaviana misy an'Andriamanitra ka mivavaka, ka aoka ho tia vavaka isika amin'izay handray an-tànana bebe kokoa ny diosezintsika isika.

**Fenoy ny siny faha-dimy ny FANDRAISANA AN-TANANA:** Ny fandraisana an-tànana amin'ny lafiny rehetra ny diosey fa indrindra amin'izao faha-60 taona izao.

**Ary ny siny faha-enina ny FANOMPOANA:** Ho entintsika dia ny siny fanompoana, aoka hanompo isika satria izay no maha-Eglisy ny Eglisy. Ho tahaka an'i Jesoa tsy tonga ho tomponia fa hanompo. Fenoy fanompoana, hifanao soa isika.

Fenointsika izay siny enina izay dia ho taona masina tokoa ity taona hovakivakantsika ity, ka ho taom-pifaliana tokoa. Ary satria tokana ny fanirian'Andriamanitra ho antsika dia ny hahasambatra atsika ka samia ary hameno ny siny enina araka ny hafatr'i Masina Maria: "Ataovy izay lazainy aminareo"

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, hamakivaky an'ity taona masina ity miaraka amin'i Masina Maria reninao izahay koa enga anie hanampy anay ilay famantarana voalohany izay nataonao tany Kanà izay mampibaribary fa miara-dàlana aminay tokoa i Masina Maria ary ianao eo anivonay. Izy milaza aminay ankehitriny: "Ataovy izay rehetra lazainy aminareo", koa aoka ary hanana masom-pinoana izahay, hanana sofim-pinoana izahay, aoka hanana vavam-pinoana izahay, aoka hanana ny tànana sy tongom-pinoana izahay ka rehefa hamakivaky an'ity taona masina ity hanambaranao sy hitorianao ny famindramponao dia hisokatra tokoa ny fonay ka hanatantekera izay ambaranao aminay araka ny hafatr'i Masina Maria ka dia ho sambatra tanteraka izahay ary dia ho ao amin'ny fiadananao. Amen